Gazetiko
www.gazetiko.mg
Laharana 7619 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 17 jolay 2023

ARIVONIMAMO 4

# ZANDARY NISY NANAFIKA, MATY VOATIFITRY NY JIOLAHY

MARINA IZANY ! 7

## FANADINANA

TANY IVELAN'NY CITÉ SEIMAD

## HOSORATANA ARA-PANJAKANA AMIN'IREO NANAJARY AZY 8

BAKALOREA 8

## VONONA IREO FOIBEM-PANADINANA

SITENY RANDRIANASOLONIAIKO




## "TSY HARENA FA NY FOMBA FITANTANANA NO OLANA ETO MADAGASIKARA" 7

RESAKA ZOM-PIRENENA FRANTSAY 7

# NANAZAVA NY MARINA NY FILOHA ANDRY RAJOELINA



MAHERY - POOPY - NJILA 3



## HIRAY SEHATRA ETSY ANTSAHAMANITRA

LALAON'NY NOSY 2

# HIANTEHATRA AMIN'NY KISENDRA-SENDRA SY NY VINTANA HOE ?

KITRA - AMBOARAN'I MADAGASIKARA 2023 2

## RARAKA NY TSARAMANDROSO FORMATION FC



Asief - Tompondaka Nasionaly 2023

# Haseho amin'ny haino aman-jery izay mpikarama an'ady tratra !

*Ho hentitra amin'ny fanaovana hosoka amin' ny alalan'ny fampiasana ny kara-pilalaovana, ny "céllule de contrôle et suivi" eo anivon'ny Asief.*



**Hanampy amin'ny ara-bola ny fanjakana fa mbola an-dalana mikarakara izy ireo, hoy ireto mpitantana ny ASIEF ireto.**

Hotanterahina ny 30 jolay hatramin'ny 12 aogositra izao any Toamasina ny fiadiana ny tompondaka nasionaly 2023, ho an'ny ASIEF (Association Sportive Interministerielle pour l'Entretien des Fonctionnaires). Nambaran'ny filohany, Andrianarison Jean Aimé, fa ho sarotiny amin'ny fanenjehana ireo mpikarama an' ady izy ireo amin'ity. « *Tsy misangy amin'izay olona na Minisitera sy Andrimpanjakana nahatratrarana izahay* », hoy Ingahy Jhon Love, fa hasehonay amin'ny mpanao gazety mihitsy izy, ka hatao fanta-poko fantapirenena toy ireny mpangalatra tratra ireny. Mahakasika ity fifaninanana nasionaly ity dia mandeha tsara ny fanomanana, hoy hatrany ity filoha ity, izay vao avy noraisain'ny Minisitry ny Tanora sy Fanatanjahantena, André Haja Resampa tetsy amin'ny kianja Barea, andro vitsy lasa izay. « *Isaorana izy, satria anisan'ny manampy be amin'ny fanatanterahana ity andiany 2023 ity* », hoy ny nambaran'Ingahy Jhon Love izay nanamafy fa ny 80% amin'ny fikarakarana no efa mipetrapetraka amin' izao fotoana izao. Ny eo amin'ny fampiantranoana sisa no jerena kely miaraka amin'ny tomponandraikipanjakana any an-toerana. Hatreto dia manodidina ny 13500 hatramin'ny 15 500 ny isan'ny fonksionera nisoratra anarana, ary tombanana hahatratra hatramin'ny 20 000 any ho any ny handray anjara amin'ity. Mbola amin'ny 25 jolay vao mikatona ny fandraisana ny fisoratanana anarana. Mahkasika ny fotodrafitrasa indray, ampy ny handraisana ny fifaninanana, hoy Ingahy filoha, raha nilaza fa mitady sy mikatsaka mandrakariva ny fomba hanatsarana ny fikambanana izy ireo. "*Amin'ny maha-fanatanjahantena fikojakojana ny ara-batana sy fahasalamana azy, tsy vidiambola*», hoy i Jhon Love, « *dia miezaka mametraka ny fitsipika maro isankarazany izahay* », hahafahan'ny rehetra manaraka ny ara-dalàna. Eo am-piandrasana izany, tontosa ny faran'ny herinandro teo, tetsy amin'ny kianjan'ny zandarmaria andrefan' Ambohijanahary, ny fiadiana ny tompondaka ho an'ny teto anivon'ny ligin'Analamanga.

**Rabenaivo**

Lalao'ny Nosy 2023

## Hiantehitra amin'ny kisendrasendra sy vintana hoe !

39 andro eo sisa dia higadona ny fotoana hanombohan'ny Lalaon'ny Nosy, hatao eto Madagasikara. Hatreto dia mbola manjavozavo tanteraka ny fanombohan'ny fampivondronana iraisan'ireo taranjam-panatanjahantena rehetra, voakasika amin'ity Lalao ity. Saika mialokaloka ao anatin'ny fampivondronana ataon'ny federasiona tsirairay hatrany ny tomponandraikitra voalohany, izay hatreto dia mbola samy mody any an-tranony avokoa rehefa avy mikotrana. Amin'izao indray dia anatin'ny fanamboarana sy fanavaozana ireo fotodrafitrasa, toy ny kianja mitafo sy ny Lapan'ny Fanatanjahantena, tsy hahafahana manao fanazarantena anaty efitrano. Dia ahoana ? Iarahan'ny rehetra manaiky fa tsy misy fahagagana ny spaoro, rehefa te hahazo vokatra tsara dia mila manomana tsara ihany koa. Ambetin-tenin'ireny atleta na ireo mpisehatra rehetra amin'ny fanatanjahantena fa tsy misy fahagagana ny spaoro. 4 taona eo fara-fahakeliny no hanomanana ny atleta iray, rehefa hiaro voninahi-pirenena. Ny antsika anefa tsy izay no mitranga, efa herintaona lasa no nilazana hanombohan'ny fampivondronana, efa andro sisa ity no isaina mbola tsy raikitra ihany izany. Tena tsy vitan'ny vava ny hoe handrombaka medaly volamena betsaka sy hibata ny laharana voalohany kanefa tsy arahan'asa akory, raha tsy hoe iantehitra amin'ny vintana na kisendrasendra fotsiny angamba !

**Ny fanoratana**

Kitra - Amboaran'i Madagasikara 2023

## Raraka ny Tsaramandroso Formation FC


**Andrasan'ny mpankafy kitra ny fihaonany amin'ny Fosa Junior ! (Sary : a r)**

Tsy tafita hiatrika ny lalao ampahefa-dalana amin'ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara 2023 ny ekipan'ny Tsaramandroso Formation FC fa lavon'ny Association Sportive Ambodrona avy any Nosy Be tamin'ny isa mazava 3 no ho 1 tao amin'ny kianja Rabemananjara, omaly tolakandro. Teo amin'ny fizaram-potoana voalohany dia efa nitarika 2 no ho 0 ny vahiny, tantanin'ny mpanazatra Izidine (ex-AC Sotema) sy Aimé, tamin'ny alalan'ny baolina nampidirin'i Jean Oeliaot François, tamin'ny fandakana " coup franc (30 mn)" ary nampian'i Emile Zola (35 mn), folo minitra ny tsy hialana sasatra. Nifoha tamin'ny torimasony kosa ny mpilalaon'i Kassimo, teo amin'ny fizaram-potoana faharoa, ka nahazo " penalty, satria nandray baolina tamin'ny tanana ny anankiray tamin'ny vodilaharan'ny ASA avy any amin'ny Ligin'i DIANA, ary dia tafiditry ny kapiteny Philémon (51 mn) soa aman-tsara ny baolina nodakany, izay nahalavo tanteraka an'i Tafarel mpiandry tsatoby. Nanomboka hatreo dia nitokona tany amin'ny tanin'ny ASA ny TFC saingy tsy nahavaky ny vodilaharan'i Nosy Be ny fanafihana sesilany nataon'ny tompon-jaridaina. Teo amin'ny 89 minitra nilalaovana dia nahazo valimpanafihana tampoka i Benny, tany amin'ny ilany havian'ny kianja ka tsy namelany raha tsy lavo fanintelony koa i Synthio Mamadrou, izay nanao ny ainy tsy ho zavatra tamin'ny fihaonan'ny ekipa roa tonta fa raha tsy izany mihoatra ny telo ny baolina tafiditra tao aminy. Araka ny fandaharan-dalao dia hifampitana amin'ny Fosa Junior ny ASA amin'ny ampahefa-dalana. Tompondakan'i Madagasikara, izay nivoaka sempotra teo anatrehan'ny FC Rouge Analamanga, satria nisaraka 2 no ho 1 ny ekipa roa tonta.Hanala vela amin'ny ASA izany ny Fosa Junior satria efa resin'ny ekipan'i DIANA tamin'ny lalao fifanintsanan'ny Orange Pro League. Sarotra resena ireto ASA ireto satria efa nataony mahafantatra ny anarany koa ny COSFA sy ny AJESAIA.

**aris rafaly**

Basket - Tompondaka Nasionaly U-14 L/V

# Niatrika fitsirihana amin'ny taona avokoa ny mpilalao rehetra



**Toy izao ny filaharana mihazo ny fitsirihana amin'ny taona ny asabotsy lasa teo.**

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy omaly tetsy amin'ny kianja filalaovam-baolina Barea Mahamasina, ny fiadiana ny tompondaka Nasionaly, ho an'ny latsaky ny 14 taona lahy sy vavy, taranja Basket-ball. Efa notaterina teto fa klioba 80 avy amin'ny ligim-paritra 17 no mandray anjara amin' izany. Nambaran'ny filohan' ny ligin'Analamanga, Andriatsima Hery, fa anisan'ny «record» amin'ny fahamaroan'ny mpifaninana izao, ary enga anie hitohy any amin'ny fifaninanana manaraka rehetra. Nohamafisiny fa zava-dehibe ny nahazoana ny toerana mahafinaritra hilalaovana toy izao. Ny hetahetan'ny tontolon'ny basket dia ny hampiasa izao kianja izao hatrany. Henjakenjana ny fepetra. Mila hajaina ny fitaovana sy fananana iombonana ary tsy lotoina. Hahafahantsika mahazo vokatra ny kianja toy izao, hoy izy. Notsindriany fa ny mangala-taona dia sady mamita-tena no mamitaka ny namana, ny Ray aman-dReny, ny klioba, ny seksiôna, ny ligy ary ny federasiona, ary manimba ny basket, ka nahatonga ny fananganana ny « brigade anti-falsification d'ages ». Dingana voalohany iny, hoy izy, ka miala tsiny fa tsy maintsy hisy ny sazy ho an'izay voakasika rehetra. Nisaoarany ny Bianco, Men, mpitsabo 4 mirahalahy. Ny mpilalao tsirairay mihitsy no nanaovana fitsirihana. Naniry moa ny tenany mba tsy hisy intsony izany tranga izany amin'ny manaraka, ary enga anie mba hanao fifaninanana mahafinaritra ny rehetra. Natsidik'ity filohan'ny ligin'Analamanga ity sahady fa efa nisy fifampiresahana teo amin'ireo mpitantana ligy, ny hikarakarana fifaninanana ho an'ny latsaky ny 12 taona.

**Rabenaivo**

Poopy sy Njila ary Mahery

# Hiray sehatra etsy Antsahamanitra amin'ny 6 aogositra izao

Manomana seho tsy manampaharoa ho an'ny mpankafy rehetra ny tarika Poopy sy Njila ary i Mahery amin'ny 6 aogositra izao, etsy Antsahamanitra. Raha araka ny fanazavana nomen'i Poopy moa dia tafiditra hatrany anatin'ny fankalazana ny faha-40 taona nihirany ity seho ity. Efa nisy fotoana, hoy izy, nampanantena tamin'ny rehetra izy fa hisy ny fampisehoana homaniny miaraka amin'ny tarika iray anisan'ny naha toy izao azy, ka dia tsy iza izany fa ny tarika Njila. Raha tsiahivina tokoa mantsy dia avy ao amin'ny Tarika Njila tokoa i Poopy. Tao no nihirany voalohany, izay izy vao nandeha irery. Reharehany hatrany fa i Njila no anisan'ny namolavola azy ho toy izao, ka dia rariny raha toa ka hasiana seho manokana hiarahana aminy ao anatin'izao fankalazana izao. Tsy ny tarika Njila irery ihany koa anefa fa anisan' ny nasain'i Poopy ihany koa i Mahery. Nolazainy fa rehefa nanomboka nandeha irery izy dia anisan'ny tena nanohana azy teny foana i Mahery. Rariny, hoy izy, raha toa ka hozarainy miaraka aminy koa ity seho ity. Mpanakanto telo araka izany no hiaraka eny antsehatra ary dia nilaza izy ireo fa hanolotra zavatra tsy hampoizina ho an'ny rehetra. Zava-dehibe ho an'ny tarika Poopy moa io seho io ary dia manantena hatrany izy ireo fa ho maro isika mpankafy hanoina ny antso. Efa ela moa no nivoaka ny tapakila fidirana ary mbola misy maromaro izany amin'izao.

Tanya.R

Revirevy mody masoandro

# Hampirevy etsy amin'ny CCI Ivato ry Mahaleo, Samoela, Princio

Revy hafakely indray no ho hitantsika eny amin'ny "parking" ao amin'ny CCI Ivato amin'ny alahady 23 jolay ho avy izao. "Revirevy mody masoandro" no lohateny nampitondraina izany. Hafakely tokoa, satria sady hijery fampisehoana no hiaramirevy kitonotono miaraka amin'ny tarika Mahaleo, Samoela ary Princio. Tsy misy seza fipetrahana ohatra ny mahazatra fa dia samy eny ambony fiara sy ny moto avy ny mpijery amin'io. Revy hafa kely ihany koa satria artista telo izay samy manana ny reviny no hitambatra amin'ny seho iray. Anisan'ny efa faheno miaraka foana hatraminin'izay i Samoela sy Princio fa amin'ity kosa dia ho avy eo koa ny tarika Mahaleo ka dia inoana fa hisy zavatra miavaka be ho hita amin'io. Hampiara-peo izy ireo fa hisy koa ny fandehanana irery. Izay koa ny maha revy hafakely azy ity, satria dia mety hisy ny hoe i Princio hihira ny hiran-dry Mahaleo, ry Mahaleo hihira ny hiran'i Samoela sy ny ohatran'izay. Ho avy hanotrona ao koa ireo taranak'i Mahaleo. Revy miavaka sady natao ho an'ireo avy nanala fanadinana mihitsy izany, tsy ferana koa anefa izay ho avy fa natao ho an'ny rehetra mihitsy. Mbola misy moa ny tapakila fidirana amin'izao ary samihafa izany ho an'ny fiara sy ny Moto fa samy natao mirary kosa mba hahafahan'ny rehetra mianoka ity ambiansy hafakely ity avokoa.

Tanya.R

Miga'L Prod

# Namoaka amin'ny fomba ofisialy ny sarimihetsika "iza ?"

Navoaka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny sabotsy teo tetsy amin'ny Plaza Ampefiloha ilay sarimihetsika malagasy mitondra ny lohateny hoe "Iza ?", novokarin' ny Miga'L Prod. Raha araka ny nambaran'ny tomponandraikitra iray moa dia ity no sarimihetsika voalohany navoakan'ny Miga'L Prod. Raharilanto Mampionona no nanoratra azy ary sarimihetsika evanjelika sady komika no nanaovany azy. Anisan'ny mpilalao fototra ao anatin'ity sarimihetsika ity i Naivo kely, Raly, Rason, Mamitiana, izay samy efa mpilalao sarimihetsika malaza avy avokoa. Tantaran'ny mpinamana roa lahy izy ity, izay maniry fatratra ny hifehy tanàna iray any ambanivohitra. Nanao fatidrà izy roa lahy ireo ny amin'izay fa tsy hivadika izany fa miara-manjaka foana. Noho ny fitiavan-tena be tafahoatra sy fitiavambehivavy kosa anefa dia nivadika ny iray tamin'izy ireo ka nahavita namono nahafaty ny iray mihitsy. Anatra azo sintomina ao anatin'ny sarimihetsika moa ny hoe tsy misy olona tena azo atokisana zato isan-jato izany fa na ny heverina ho tena namana aza mahavita mamono mahafaty. Hoentin'izy ireo hitety an'i Madagasikara moa ity sarimihetsika ity ka dia samy mba hahita izany avokoa ny rehetra. Anisan' ny daty akaiky indrindra amin'izany izao ny any Antsirabe, amin'ny 6 aogositra izao no andefasana azy. Avy eo dia ho any Toamasina sy Mahajanga izy ireo. Misokatra amin'ny rehetra ihany koa izy ireo raha toa ka misy fikambanana na olon-tsotra na fiangonana maniry ny handefa azy ity ary dia entanina hiantso ity laharana 0389311767 ity.



Santionany amin'ny zavatra hita ao anatin'ny sarimihetsika.

Tanya.R

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy tiako mainty, ankahalaiko. Andramo ny mamadika an'izany ho fitiavana. Tsy vitanao ny hamefy tena tsy hizara ny fitiavanao, fa efa ra mikoriana ao anatinao ao."

**Ny Vetso (22. 08. 15)**

("Hatred does not cease by hatred, but only by love, this is the eternal rule." BUDDHA)

Hobiana Andrianimerina

# "Ny fivoaran'ny tsirairay no miteraka fandrosoana"



**(ankavia miankavanana ) Hobiana Andrianimerina, Arikom's Randria, Magie Gam (mpanoratra), Michèle Razafintsalama (APLEM) ary Prudencia Amour.**

*"Zary ambin-javatra eo amin'ny filan'ny fiaraha-monina ny boky sy ny soratra ankehitriny eto amintsika. Vitsy ireo mahatakatra fa anisan'ny fanoitra enti-manainga sy entimanetsika ny zanak'olombelona ho any amin'ny fampivoarana ny asa sorata sy ny boky. Miainga amin'izay fampivoaran-tenan'ny tsirairay izay anefa ny fandrosoana eo amin'ny firenena iray. Rehefa mivoatra ny isam-batan'olona dia mivoatra manaraka an'izay ny fiaraha-monina sy ny firenena manontolo*". Izay, raha fintinina ny hevi-dehibe naroson'i Hobiana Andrianimerina, pôeta sy mpanoratra, nandritra ny "Bar à livres" andiany fahefatra, notontosaina teny amin'ny Le Park, Bemasoandro-Itaosy, ny folakandron'ny sabotsy 15 jolay teo. "*Misy araka izany ny andraikitry sy adidy andrasana amin'ny mpanoratra mba hitondra ny mpamaky ho any amin'ny fampivoarana*", hoy hatrany Hobiana Andrianimerina. Voalazany fa mifandraika amin'izany indrindra ireo boky dimy efa navoakany : "*Adolantsento*", izay misy amboaran-tononkalo niharan'ny sivana ("Madame" sy "Tsy hifitra") tamin'ny fotoana nivoahany, 2011. "*Rom-padin-kena*" (2020) misarika ny saina hahatsapa fa tafahitsoka eo anelanelan'ny kolontsaina vahiny sy ny nentin-drazana ny Malagasy. "*Nofy ratsy... nofy tsara*" (Loka voalohany fifaninanam-pirenena 2022), amotsipotsirany ny fanavakavahana ara-poko. Nefa ao ko ny boky fampianarana "*Ohabolana, kolo saina ho an'ny ankizy*". Anisan'ireo nanatrika sy nanentana ny fihaonana ny mpanoratra Arikom's Randria sy Prudencia Amour, mpanoratra, izay nampahafantatra ireo boky telo efa navoakany, miompana amin'ny fampivoaran-tena. Tonga tao ihany koa Michèle Razafintsalama, izay misahana fikambanana mifofotra amin'ny fanapariahana ny vaky boky. Nafana ny tafasiry niarahana tamin'i Hobiana sy ireo vahiny nanotrona azy.

*Sehatra iray azo anovozam-pahalalana sy ankafizana ny boky sy ny haisoratra malagasy ny " Bar à livres ".*

Nahazo tombony manokana ireo mpanala fanadinanana bakalorea nanatrika izany resadresaka izany, satria anio maraina izy ireo no hiatrika ny taranja malagasy, ka nahazo vatsy hoentina manatevina ny fahalalana notovoziny hatramin'izay. Mpanoratra hafa indray no hitafasiry amintsika amin'ny andiany fahadimy.

Fy

**PETITES ANNONCES** *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 591/20-15)

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-6)

**COURS**

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 603/4-4)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-10)

* Cours de musique : Piano, clavier, guitare. Accéléré à domicile. 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 602/7-6)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-10)

**SERVICE**

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 601/6-6)

**VIDANGE**

* Vidange wc fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, raclage, bacs à graisse. Tél : 038.42.629.39. (G-BA 577/14-7)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 594/16-11)

Arivonimamo

# Zandary nisy nanafika maty notifirin'ny jiolahy

*Vantany vao tafiditra tao ireo olon-dratsy dia nandrahona izay olona rehetra hitany teo mba tsy hisy hihetsika.*

Zandary iray no maty notifirin'ny jiolahy afakomaly tokony ho tamin'ny 7 ora latsaka folo minitra hariva, tany amin'ny fokontany Antsahabe, kaominina Manarintsoa, any amin'ny distrikan'Arivonimamo. Jiolahy telo tsy nanao sarontava sy nirongo basy vita gasy no tonga nanatanteraka ny asa ratsy tao amin'ity mpitandro filaminana ity. Vokany : maty tsy tra-drano vokatry ny tifitra natao azy ity farany. Araka ny fanazavana azo dia teo am-piandrasana sakafo hariva ireo olona tao antrano no niseho ny fanafihana. Tonga avy any mantsy ireo mpanafika, izay samy nitondra fitaovam-piadiana tsirairay avy, rehefa tafiditra amboletra tao amin'ilay tokantrano. Vantany vao tafiditra tao ireo olon-dratsy dia nandrahona izay olona rehetra hitany teo mba tsy hisy hihetsika. Nandritra izany fahatongavany tao amin'io trano io izany no nilazan'ireo jiolahy fa nisy naniraka izy ireo. Tsitapitapitr'izay tonga dia notifirin'ny iray tamin'izy ireo ilay manamboninahitra. Teo amin'ny ilany ankavanan'ny tratran'ilay raim-pianakaviana no niantefa ny bala ka nitarika ny fahafatesany tsy tra-drano izany.

**Roa voasambotra**

Rehefa izay dia nandeha nisava ireo efitrano ireo olon-dratsy ka finday telo sy peratra volamena no norobain'izy ireo dia lasa nitsoaka ry zalahy. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-nitranga ny zandary ka nidina ifotony tany an-toerana niaraka tamin'ny dokotera. Nahitan'izy ireo dia-piakarana teo amin'ny rindrin'ny fefy eo ankavian'ny vavahady. Niroso avy hatrany tamin'ny fikarohana ny nahavanon-doza ihany koa ny mpitandro filaminana ka tamin'io alina io ihany dia nisy olona roa voasambotra. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary ireo taorian'izay. Mitohy ny famotorana.

T.H

Anosiala Ambohidratrimo

# Mpitondra môtô roa maty voadonan'ny fiara be iray

Nisehoan'ny lozam-pifamoivozana nahafatesana olona afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany tolakandro tany amin'ny lalam-pirenena fahefatra, pk 23+950, teny amin'ny fokontany Manakambahiny, kaominina Anosiala, any amin'ny distrikan'Ambohidratrimo. Fiara lehibe iray no nandona môtô roa ka maty vokatr'izany avokoa ireo olona roa nitondra môtô. Tamin'ny lala-mahitsy no niseho ny loza. Araka ny fantatra dia avy any Ambohidratrimo hihazo an'i Mahitsy ilay fiara lehibe iray. Ity farany dia fantatra fa fiara mpitatitra. Araka ny fanazavana tamin'ny mpitandro filaminana dia noho tsy fitandreman'ny mpamily no nahatonga ny loza. Ny olona teny an-toerana rahateo nilaza fa nisongona kamiao kely ity fiara ity ka dia io nifatratra tamin'ireo môtô nifanena taminy io. Ny iray tamin'ilay môtô aza dia voalaza fa nipitika tany ambanin'ilay fiara mihitsy.



**Nifanaraka**

Môtô nifanaraka moa ireto niharan-doza ireto. Mafy tokoa ny fifandonana teo amin'ny roa tonta ka naratra mafy avokoa ireo roa lahy izay samy nitondra ny môtôny avy. Maty tsy tra-drano noho izany ilay iray ary nihosin-drà sy nihohoka tamin'ny arabe. Nanao aroloha izy tamin'io. Ilay mpitondra môtô iray hafa kosa nentina namonjy toeram-pitsaboana, saingy tsy tana ihany koa ny ainy avy eo. Marihina fa tsy nisy natao taingin-droa ireto môtô ireto tamin'io. Nahitana fahasimbana goavana ihany koa tamin'ireo kodiaran-droa ireo ary nisy simba toraka izany ny teo aloha tamin'ilay fiara be. Efa tonga nanao fizahana ifotony teny an-toerana ny mpitandro filaminana. Nentina notanana tany amin'ny borigadin'ny zandary any Ambohidratrimo ny mpamily ny fiara taorian'izay. Efa natolotra ny fianakaviany ihany koa ireo razana taorian'ny fizahana natao.

T.H

Mahanoro

# Halatra finday, efa-dahy voasambotra

Lehilahy efatra, 28 taona sy 25 taona ary 24 taona sy 21 taona, no voasambotra afakomaly tokony ho tamin'ny 1 ora antoandro, tany Mahanoro, noho ny resaka halatra finday. Araka ny fantatra dia maro ny fitarainana voarain'ny polisy any an-toerana mikasika ny fahaverezana finday. Nanoloana izany dia nandray ny andraikiny avy hatrany ireo mpitandro filaminana ka nisy ny fanarahamaso nataon'ireo polisy miasa any an-toerana. Dia napetraka ny vela-pandrika avy eo ka ireo nahatratrarana azy efa-dahy ireo. Nentina nankany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana ry zalahy taorian'izay. Nandritra ny famotorana natao azy ireo no nahafantarana fa mpandray entana halatra ny roa amin-dry zalahy. Mbola nahatrarana finday iray moa tany amin'ny iray amin'izy roa lahy ireo. Ny iray hafa kosa no manatanteraka mivantana ny halatra, ka izy araka izany no manao ny fomba rehetra hangalarana ny finday. Ny tovolahy iray farany kosa dia mpiray tsikombakomba amin-dry zalahy ireo. Mitohy ny famotorana mialoha ny hitondrana ny raharaha eny anivon'ny fampanoavana. T.H

Toamasina

# Mpivarotra voaroba, lasa avokoa ny vola maty iray andro

Ramatoa mpivarotra brochettes iray no lasibatry ny asa ratsy ny alin'ny sabotsy hifoha alahady teo tany Toamasina. Lasan'ireo jiolahy avokoa ny vola matiny rehetra tamin'io andro io. Araka ny fanazavana dia nifanehatra tamin'ny jiolahy izy ary rehefa vitany ny asa ratsiny dia lasa nitsoaka ilay olon-dratsy. Tamin'izany anefa no nifanehatra tamin'ireo polisy avy ao amin'ny boriborintany faharoa Mangarano nanao fisafoana amin'ny alina ralehilahy. Hafahafa fihetsika ity farany ka nahamailo ireo mpitandro filaminana ary nosamborina avy hatrany izy. Fa nandritra izany no nisy ramatoa iray tonga avy any izay hita ho matahotra mafy. Nanontanian'ny polisy io vehivavy io ka nilaza fa vao avy nisy nandroba izy ary lasan'ny jiolahy tamin'izany ny vola "versement" tamin'ny tsenany iray andro. Tonga dia nasaina nojereny teo no ho eo ilay lehilahy voasambotra io sao dia ilay nandroba azy ka nilaza avy hatrany ravehivavy raha vao nahita azy fa tena io tokoa no naka ny volany. Nosavaina rahateo ralehilahy ka mbola hita tany aminy ilay vola norobainy. Taorian'izay dia nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy ity lehilahy ity.

**Hafa koa**

Fa mbola tany Toamasina ihany dia lehilahy iray 19 taona ihany koa no voasambotry ny polisy miasa ao amin'ny boriborintany voalohany Tanambao II teo am-pangalarana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro tao Tanambao Verrerie afakomaly. Tokony ho tamin'ny 4 ora maraina no nahita ity tovolahy ity teo am-panaovana ny asa ratsiny ireo polisy manao fisafoana ka nisambotra azy avy hatrany. Nandritra izany no nahafantarana fa vao avy nangalatra jiro tao amin'ny fiangonana iray tany an-toerana ity lehilahy ity. Mbola hita tany aminy rahateo ny jiro lehibe iray tamin'io fotoana nahatratrarana azy io. Nentina nihazo ny birao ity farany taorian'izay. Mitohy ny famotorana.

T.H

Ambatolampy

# Gadra roa lahy nitsoaka ny fonja

Nisehoan'ny fitsoahan-gadra tany amin'ny fonjan'Ambatolampy afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora tolakandro. Gadra roa lahy nanao Mop ivelan'ny fonja ireo nanita-kevitra nandositra ireo. Araka ny fanazavana mantsy dia nanao asa ivelan'ny fonja tany izy ireo no tsy hita popoka izay nalehany. Hatairana ny tao amin'ny fonja tamin'io fotoana io raha vao nahafantatra izany ary nikoropaka tamin'ny fikarohana azy ireo, saingy tsy hita ireo voafonja roa lahy. Efa nampandrenesana avokoa avy eo ny mpitandro filaminana rehetra hiara-kisalahy amin'ny fikarohana ireo gadra nandositra ireo. Tsy hita mihitsy anefa izy ireo tamin'io andro nitsoahany io. Nitohy hatrany ihany koa ny fandraisana andraikitra nataon'ny mpitandro filaminana. Ankoatra ny fikarohana azy roa lahy dia efa naparitaka omaly maraina ihany koa ny filazana fikarohana ireo gadra nandositra ireo. Vetivety dia nahitam-bokany izany satria araka ny loharanom-baovao azon'izy ireo dia fantatra fa efa tonga tany Alatsinainy Bakaro ireo voafonja roa lahy nitsoaka. Tsy niandry ela fa nandehanana avy hatrany tany amin'ilay toerana voatondro ho ahitana an-dry zalahy. Nisy ny vela-pandrika nataon'ireo mpitandro filaminana ka dia voasambotra soa aman-tsara izy ireo. Taorian'izay dia efa nandefasana mpiandry fonjan'Ambatolampy tany an-toerana naka azy ireo.

T.H

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Adama sy Eva**




## Hatsikana an-tsary

**Hitany**




## Masoandro Miposaka

**Jaona 13 : 12**

12 Ary rehefa voasasany ny tongony, dia nandray ny lambany Izy ka nipetraka indray, dia nanao taminy hoe: Fantatrareo va izay nataoko taminareo?

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aza manao volo ngita mifandray tendro.**

Ne faites pas comme les cheveux crépus qui s'entrelancent par le haut.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2999**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | 8 | | | |
| 2 | | 6 | | | 3 | | 5 | |
| | | | 5 | 2 | | 4 | 1 | |
| 3 | | | | | | 6 | | 8 |
| | 8 | 1 | | | | | | |
| | | | | 6 | 7 | | | 5 |
| 8 | | | | | 2 | | | 3 |
| | | | | 4 | | | | 9 |
| | | | | | | | | |

Valin'ny laharana **2998**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 7 | 4 | 2 | 6 | 5 | 8 | 1 | 9 |
| 5 | 8 | 6 | 9 | 7 | 1 | 3 | 2 | 4 |
| 2 | 9 | 1 | 8 | 4 | 3 | 5 | 6 | 7 |
| 6 | 1 | 9 | 7 | 3 | 8 | 2 | 4 | 5 |
| 7 | 5 | 2 | 1 | 9 | 4 | 6 | 3 | 8 |
| 4 | 3 | 8 | 6 | 5 | 2 | 9 | 7 | 1 |
| 9 | 2 | 3 | 4 | 8 | 7 | 1 | 5 | 6 |
| 8 | 4 | 5 | 3 | 1 | 6 | 7 | 9 | 2 |
| 1 | 6 | 7 | 5 | 2 | 9 | 7 | 8 | 3 |

## Marina izany !

### Fanadinana !

**Raha efa fantatra, satria efa nivoaka ny valiny, ny fanadinana CEPE sy ny BEPC, hiatrika ny bakalorea kosa ireo tanora amin'ny kilasy famaranana manerana ny nosy manomboka anio. Ity fanadinana ity tokoa mantsy no mamarana ny taompianarana 2022-2023. Eo am-piandrasana ny valiny, miditra amin'ny fotoam-pialantsasatra ny mpianatra amin'ny Ambaratonga Voalohany sy Faharoa. Raha izay ny eo amin'ny tontolon'ny fampianarana sy ny fanabeazana, eo amin'ny tontolon'ny fanatanjahantena sy ny politika, hiatrika fanadinana lehibe i Madagasikara. Ny marimarina kokoa angaha ireo mpisehatra eo amin'ny fanatanjahantena sy ireo mpikatroka eo amin'ny politika. Na amin'iry voalohany na amin'ity faharoa, efa mandeha ny laza adina. Ho an'ny fanatanjahantena tokoa mantsy, tsy vitan'ny hampiantrano ny Lalaon'ny Nosy 2023 fotsiny isika Malagasy fa tena mpandray anjara sy mpifaninana mihitsy. Na izany eo amin'ny fotodrafitrasa hanaovana ireo lalao samihafa na izany eo amin'ny atleta sy mpilalao hifaninana. Mbola manana iray volana mahery kely isika hiomanana sy hanomanana ireo fa efa mandeha aloha ny fanamby samihafa. Amin'ny volana aogositra ho hita eo ny valim-panadinana amin'ireo. Eo amin'ny tontolo politika indray, efa miatrika ny laza adina amin'ny fanomanana sy ny ho enti-manatanteraka ary ny fametrahana ny fitsipi-dalao ireo mpisehatra rehetra voakasiky ny fifidianana. Na izany ny vaomiera misahana ny fifidianana, na izany antoko politika sy ny kandida hatolony, na izany ny hirotsaka ho mpanaramaso.... Ny fianakaviambe iraisam-pirenena sy ny firenena milaza ny hanampy amin'ny fanatanterahana ny fifidianana moa aza efa nametraka fepetra. Valim-panadinana andrasana voalohany aloha ny kandida hahafeno ny fepetra takiana amin'ny mpilatsaka ka isan'izany ny fananana ilay anto-bola 200 tapitrisa ariary. Ny vola tokoa moa no hozatry ny raharaha. Midika ve izany fa izay tsy manana io efa tsy afa-panadinana sahady ? Eo ihany koa ny tokony hampazava ny vola kirakiraina amin'ny filatsahan-kofidiana, satria eo ny rafi-pitsarana tokony hanaova tatitra sy manara-maso ny fampiasam-bola amin'ny politika. Dia hiaraha-mahita izay ho afaka satria efa milamina ny tetiandron'ny fifidianana filoham-pirenena !**

Herivonjy RAJAONAH

Siteny Randrianasoloniaiko

## "Tsy harena fa ny fomba fitantanana no olana eto Madagasikara"

Zato andro aorian'ny nanombohana ny Mihava-Tour, nihainoana ny olana sedrain'ny vahoaka eto an-toerana sy any ivelany no nanatanteraka loa-bary an-dasy teny Mandrimena, Andoharanofotsy ny mpanohana ny kandidà Siteny Randrianasoloniaiko. Voasolo tena nandritra ny loa-bary an-dasy ny faritra 24 sy ny distrika 119 ary voalaza fa efa tafatsangana eny anivon'ny fokontany rehetra eto Madagasikara ny kômity mpanohana an'i Siteny Randrianasoloniaiko. Ankoatra ireo solombavambahoaka miaraka amin'ny Mihava-Tour dia anisan'ny nanatrika ny loa-bary an-dasy, tamin'ny asabotsy lasa teo ny minisitra teo aloha Ndahimananjara Johanita sy Razafindran-driatsimaniry Dieu Donné Michel ary Rasidy Mohamed. Araka ny nambaran'ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko dia tsapa nandritra ny « Mihava-Tour Pro-Siteny » fa fadiranovana sy kivy ny vahoaka, noho ny delestazy, ny fahatapahandrano tsy manam-piafarana, ny firongatry ny tsy fandriampahalemana, ny tsy fisian'asa, ny fanapotehana ny fiharian'izy ireo, toy ny lavanila sy ny jirofo.... Antony tsy maintsy handraisany andraikitra hanova, satria tsy mendrika an'i Madagasikara ny zava-misy. Tsy voaozona rahateo ny firenentsika, hoy izy. Nomarihiny fa tsy ny harena fa fitantanana no olana eto Madagasikara. Teboka 4 lehibe no heverin'ny kandidà Siteny R. sy ny teknisiana miaraka aminy fa tokony hotanterahina ao anatin'ny herin-taona, hanavotana ny firenena.

**Hialana nenina ireo nangalatra !**

Voalohany, ny famerenana ny fanjakana tsara tantana ka tafiditra ao anatin'izany ny ady amin'ny kolikoly, ny famerenana ny fahatokisan'ny vahoaka ny fitsarana. Mikasika itsy farany manokana dia hofoanana ny Bianco sy ny PAC, hoy ny filohan'ny Mihava-Tour, satria tsy ilana ireo rafitra manokana ireo rehefa miverina ny fahatokisan'ny vahoaka ny fitsarana. Nanamarika ny depiote Siteny R. fa raha tonga eo amin'ny fitondrana ny tenany dia hialana nenina ka homena 3 volana, hamerenany ny vola sy ny taratsim-boky ireo nangalatra fananam-panjakana sy tanim-panjakana. Ary aorian'izay, raha miziriziry dia tsy maintsy hirosoana ny sazy, hoy ny depiote Siteny R.

V.R

Resaka zom-pirenena Frantsay

## Nanazava ny marina ny Filoha Andry Rajoelina



Naharitra ora roa mahery omaly alina ny fandaharana manokana niarahan'ireo mpanao gazety tamin'ny Filoha Andry Rajoelina, nitondrany valin-teny momba ireo raharaha mafana eto amin'ny firenena. Nandrasan' ny maro fatratra tamin'izany ny momba ilay resaka zom-pirenena Frantsay izay voalaza fa ananany. Nanazava ny marina tsara sy ny ho fantatra manodidina izany ny Filoha, ary niaiky ny fisian'ny taratasy manamarina ny fananany zom-pirenena Frantsay. Hentitra ny tenany raha nilaza fa tsy misy mahasakana azy hanaisotra ny maha Malagasy azy sy ny fitiavantanindrazana ananany. *"Tsy ekeko ny filazana fa tsy Malagasy aho. Tsy izay taratasy kely 8 cm any ampaosy no manala ny maha Malagasy ahy. Fahotana ve ny fananana zom-pirenena hafa ? »*, hoy ny Filoha Andry Rajoelina raha namaly ny fanontaniana napetraky ny mpanao gazety Gascar Fenosoa avy ao amin'ny Real Tv taminy. Nahitsiny ihany koa fa tsy fanomezana vokatry ny voalaza fa fiarovana azy no nahazoany izany. Namafisiny fa zo ny mangataka izany fa tsy misy terana na vozonana. Notsindriany fa tsy nisy zavatra nafenina tao anatin'izany satria tamin'ny alalan'ny didim-panjakana ary voarakitra ao anaty gazetim-panjakana no namohana azy. Tany amin'ny famaranana ny resaka dia tsy mbola nilaza mivantana ny maha kandidà azy ny tenany.

**Nanao jery todika**

Tamin'ny fanokafana ny fandaharana, dia nanao jery todika ny asa vitan'ny fitondrana tarihany nandritra izay efa-taona mahery izay ny Filoha Andry Rajoelina. Mikasika ny delestazy, nambarany fa afaka telo herinandro izany dia tokony ho foana. Tahaka izany koa ny Lalaon' ny Nosy. Nanome toky ny Filoha fa tsy maintsy ho vita ary tsy hitsangamenatra isika amin'ny fanatanterahana azy.

JUDD

Fiatrehana ny fanadinana bakalorea

## Mpianatra 700 nisitraka faradoboka maimaim-poana avy amin'ny depiote Todisoa

Tsy miraviravy tànana amin' ny fanampiana ireo zanak' Ambohimanarina hiatrika fanadinam-panjakana ny depiote Todisoa Andriamampandry. Porofon'izany ny hetsika nokarakarainy nandritra ny telo volana ho an'ireo mpanala BACC eny amin'iny boriborintany fahá-6 iny, izay nifarana ny sabotsy teo. Ankoatra ny fampianarana nentin'ireo efa za-draharaha dia nisy fizarana lesona anaty "polycopies" ho an'ireo zanak' Ambohimanarina ireo ihany koa nandritra izany. Manodidina ny 700 ny isan'ireo nisitraka sy nandray anjara tamin'ity hetsika nokarakarain'ny depiote Todisoa ity, ka araka ny resadresaka nataonay tamin'izy ireo dia nahafa-po ny fifampizarana sy ny lesona ary ny fampiharana nomena nandritra izay telo volana izay. Ny sabotsy teo dia tonga nitsodrano sy nanome toromarika farany ho an'ireo mpanala fanadinana bakalorea eny Ambohimanarina ireo ity olomboafidy TIM ity. Ambonin'izany dia tsy nanadino ireo hiatrika izany fanadinam-panjakana izany manerana ny Nosy ihany koa ny depiote Todisoa ka nirary soa sy fahombiazana ary nitondra am-bavaka azy ireo.



**Nirary fahombiazana ho an'ireo mpanala bakalorea eny Ambohimanarina ny depiote Todisoa.**

Mamy R.

Filohan'ny Antenimierandoholona

## Nitokana ny "centrale solaire" hamatsy herinaratra ny kaominina Ambohitromby

Mitohy sy mihamafy ary ahitam-bokatra hatrany ny fiaraha-miasa eo amin'i Madagasikara sy ny Nosy La Réunion. Araka izany, notokanana tamin'ny sabotsy teo ny "Centrale solaire" ao amin'ny Kaominina Ambohitromby, distrikan'ankazobe, izay vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny firenena roa tonta sy ny orinasa Solar Plexus. Tonga nitokana izany ny Filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa, niaraka tamin'ny Minisitry ny Angovo sy ny Akoran'Afo ary ireo tompon'andraikitra ambony ao amin'ny orinasa Solar Plexus.Nandritra ny fandraisam-pitenenany dia nilaza io filohan'Andrimpanjakana io fa amin'ny maha mpiahy ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ny Antenimierandoholona dia manampy amin'ny famahana ny olana eny ifotony ireo mpikamban' izany. Raha ny fanazavana dia mamatsy herinaratra ho an'ny tokantrano manodidina ny telo arivo io fotodrafitrasa io, ary haharitra hatramin'ny 25 taona izany. Isan'ny tombony azo amin' izany, hoy Ing. Herimanana Razafimahefa, ny fanamorana ny fikarakarana ny ao an-tokantrano sy ny fahasalamana ho an'ny rehetra.

Mamy R.

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Tany ivelan'ny cité Seimad

# Hosoratana ara-panjakana amin'ireo olona nanajary azy

Hosoratana ara-panjakana amin'ireo olona nanajary azy ny tany ivelan'ny toerana misy ny cité Seimad. Isan'ireo toerana hisitraka sy hampanarahan-dalàna ity ny eny amin'ny 67 ha sy ny manodidina: ny fokontanin'Andohotapenaka I, II sy III, ny COM, ny lakandrano C3, Ankasina, 67ha sy ny manodidina ka tsy tafiditra ao anatin'ny Cité sy ny "parking" na ireo "espace vert" izay tafiditra ao anatin' ny tanin'ny Seimad." *Fanapahan-kevitry ny fanjakana dia hoe misy ny faritra eo anivon'ny tanin'ny Seimad, izay ivelan'ny cité, ka efa nisy nipetraka 40 taona mahery. Hanampy azy ireny ny fanjakana miaraka amin'ny Seimad hositrahany amin'ilay tany nipetrahany mba hananany titra hahafahany mivarotra. Mitsinjo ny vahoaka madinika ny fanjakana ary fanapahan-kevitra lehibe izany satria tsy azo arodana intsony ireo trano efa niorina teo ireo na ivelan'ny cité aza"*, hoy Atoa Andriamanohisoa Gerard, Sekreteram-panjakana misahana ny tanàna vaovao sy ny toeram-ponenana.

**Taratasy ara-dalàna**

Manomboka izao dia efa mandeha ny fanentanana ny olona rehetra nanorim-ponenana amin'ireo toerana efa nambara eny aloha ireo ny tomponandraikitra. Manatona an'ireo olona efa nanorina trano amin'ireo toerana ireo ny fanjakana hanamora ny fahazoan'ireo mponina ireo ny tany, hisy taratasy ara-dalàna, mba hampilamina ny fifampivarotana sy ny mampandova izany. Manelanelana ny mpividy ny fanjakana sy ny Seimad mba tsy ho sarotra ny fifampivarotana. Fantatra fa tafiditra amin'ity fampisitrahana tany ny Malagasy ity koa ny tanin'ny Seimad any Mahajanga. Isan'ny manampy ny fanjakana hanamora ny fanadihadiana ny sefo kartie sy ny sefompokontany mba hampadio sy hampangaraharaha ny fizarana ny tany. Raha ho an'ireo olona mamaritra tany kosa dia hiarahana amin'ny sampandraharahan'ny fanananatany kosa ny fitsirihana an'izany mba hanamora ny fahazoan'ny Malagasy ny tany. Handoa ny vidin'ny tany tsikelikely kosa izay olona mahazo ny anjarany amin'izao hetsika izao.

**Heriniaina A.**

Bakalorea

# Vonona ireo foibem-panadinana rehetra

Efa vonona avokoa ireo foibem-panadinana rehetra raha ny hitanay tamin'ireo sekoly sy Ceg ary lisea hiatrehan'ny mpiadina ny Bakalorea anio. Raha ny fanazavana azonay tamin'ireo manomana ny efitrano hanaovana ny fanadinana dia mpiadiana iray ihany no mipetraka amin'ny latabatra sy seza iray. Ny sabotsy teo dia efa afaka nijery ny efitrano sy ny trano ary izay toerana hisy azy ny mpiadina, saingy tsy afaka miditra ao anatin'ny efitrano fa eny ivelany ihany, hoy ny tomponadraikitra nikarakara izany taminay. Toy ny isantaona dia manomboka amin' ny 6 ora sy mn no hiantsoana ny mpiadina tsirairay. Noho izany dia tokony ho efa eny amin'ny foibem-panandinana ireo hiatrika izany alohan'io fotoana io. Misy ny laharan'ny mpiadina tsirairay isaky ny latabatra ary hita eo amin'ny varavarana fidirana amin'ny efitra ihany koa ny lisitr'ireo hiadiana ao. Raha tsiahivina ireo fepetra tsy maintsy hajain'ny rehetra hatramin' izay dia ny fitondran'ny mpiadina tsirairay ny taratasy fiantsoana azy ireo. Tsy azo entina any anaty efitranom-panadinana ny finday. Amin' ity taona 2023 ity dia mpiadina 215630 no hiatrika ny Bakalorea ka lehilahy 68 taona no zokiny indrindra izay sokajy C ary zazalahy kely 10 taona kosa no zandriny indrindra izay sokajy A2.

**Heriniaina A.**

Iray volan'ny fifanarahana tany Maputo

# Ezahin'ny firaisamonim-pirenena hanaovana adisisika

Feno 20 taona amin'ity jolay 2023 ity ny nanaovan'i Madagasikara sonia ny fifanarahana tany Maputo mikasika ny zo ara-pananahana. Ho fankalazana an'izany dia ezahin'ny firaisamonim-pirenena hanaovana adisisika ity iray volana ity, indrindra ho an'ny zo ara-pananahana. *"Ny antony dia atao izay hahatanteraka an'izay hampanankery an' ity fifanarahana ity eto amintsika. Eto Madagasikara dia hita fa latsaka ambany kokoa ny vehivavy raha ny fitoviana ara-toekarena, na eo eo amin'ny karama raisina aza dia tsy mitovy tantana na dia asa iray izao no ataon'ny lehilahy sy ny vehivavy ao amin'ny toeram-piasana iray. Raha ny eo amin'ny fisitrahana ny harena ara-boajanahary, toy ny tany, dia tsy mitovy koa ny fisitrahan'ny vehivavy raha mitaha amin'ny lehilahy. Raha ny enti-manana dia efa somary marefo ny vehivavy. Etsy ankilany koa, ny kolontsainantsika dia mametraka ny vehivavy tsy dia hanana fahefana be loatra amin'ny fampiasana ny tany. Eo amin'ny lafiny ara-bola, raha manana orinasa ny vehivavy ka hitady famatsiam-bola toy amin'ny banky na ireny toerana hafa dia mbola misy ny lalàna madinidinika any anatin' ireny, dia mbola sakana ho an'ny vehivavy tsy hahazoany an'izay famatsiam-bola izay, ho entiny hampiroborobo ny fihariany. Misy ny fepetra takiana amin'ny vehivavy vao mahazo famatsiambola, kanefa tsy ampiharina amin'ny lehilahy"*, hoy Rtoa Andrianasy Estelle, ao amin'ny kaomisiona fitoviana eo amin'ny ara-toekarena eo amin'ny lahy sy ny vavy eo anivon'ny CNFM.



Ireo fiarahamonim-pirenena nitafa tamin'ny mpanao gazety. (Sary: HAR)

**Fepetra**

Araka ireo ohatra nambarany ireo dia manao fitakiana ity kaomisiona ity mba hohalefahina ireny fepetra ahafahan'ny vehivavy misitraka fampindramam-bola ireny mba hampandrosoana ny fihariana. Tafiditra ao anatin'izay koa ny famoronana orinasa, satria betsaka any fivezivezena tsy maintsy atao sy ilaina. Iraha-mahalala anefa ny andraikitry ny vehivavy ao an-tokantrano, tsy maintsy mikarakara ny zazakely sy manao ny raharaha ao an-tranony, na dia eo aza ny asany. Isan'ny hetsika hatao hanamarihana an'ity fifanarahana tany Maputo ny taona 2003 ity ny fanamarihana fa misy zo maro anatin'izy io ho an'ny vehivavy tsy azo sarahina. Resahina hatray ny hahatongavana amin'ny miralenta, kanefa tsy ilay zo rehetra no maharesy lahatra ny olona fa zo iray sy roa ihany.

**Heriniaina A.**

Alasora- Kopia faobe

# Ankizy 180 niatrika fitsarana mitety vohitra


**Tonga teny an-toerana ireo mpitsara amin'ny maha fitsarana mitety vohitra an'ity hetsika ity.**

Ankizy sy tanora 10 no niatrika fitsarana mitety vohitra teny Alasora mba hahazoan'izy ireo kopia faobe ny faran'ny herinandro teo. 18 taona no zokiny indrindra ary nisy kosa ireo mbola kely. Nisy tamin'ireo ankizy no tsy afaka nanala fanadinam-panjakana noho ny tsy fananana kopia. *"Telo ny zanako fa tsy manana kopia daholo, 16 taona, 13 ary 5 taona no farany. Izao ry zareo vao hakana kopia, satria tena manahirana ny mandinika hoe nandritra ny telo izay no tokony ho efa nanala Cepe sy* 6ème *ny zanako lahimatoa. Noho ny tsy fananany kopia dia tsy afaka nanala Cepe hatramin'izao izy. Ny vola hanaovana an'ilay izy tsy misy, izahay sahirana ka tsy vita ilay izy, ka izao nanapa-kevitra ny hitsara azy izao aho"*, hoy ny Renim-pianakaviana iray monina eny Alasora. Nomarihan'Atoa Randriantsoa Jimmy, ben'ny tanàna, fa efa nanomboka tamin'ny volana janoary 2023 no efa natao ny fanentanana teny anivon'ny fokontany rehetra. *"Izaho izao 17 taona, ny reniko niteraka ahy efa maty ka izay no tsy nahavita ny kopiako. Nianatra aho fa tsy afaka nanala fanadinana noho ny tsy fisian'ny kopia. T5 aho dia niala tsy nianatra intsony ka izao hanao kopia izao, satria hanaovako karapanondro ny kopia ho azoko eo amin'ny taona ho avy, dia mba hitadiavako asa"*, hoy kosa Rtoakely Laura.

**Mifindra monina**

*"Maro ny antony mahamaro an'ireo ankizy tsy mbola manana kopia, toy ny hoe marobe ireo olona avy any ambanivohitra no mifindra monina eny an-toerana. Noho ny fitadiavana asa dia lasa manorim-ponenana eny Alasora, kanefa ireo olona ireo dia manana fahazarana miteraka amin'ny renin-jaza fa tsy mba amin'ny hopitaly na CSB. Lasa hadinon'ireo Ray aman-dReniny ny fanambaram-pahaterahana ho an'ilay zaza ka tsy mahazo taratasy avy amin'ny mpampivelona, izay ilain'ny kaominina. Voatery miandry ny fisian'ny fitsarana kopia faobe ny olona vao afaka mahazo an'izany indray ny zanany"*, hoy Atoa Randriantsoa Jimmy, ben'ny tanànan'Alosara. Raha ny tena izy moa dia 30 andro aorian'ny nahaterahan'ny zaza no tokony hanoratana ny zaza ka hahazoany kopia eny anivon'ny kaominina. Nomarihin'ny tomponandraikitra eny an-toerana fa hoezahina hovitaina alohan'ny fidiran'ny mpianatra ny fanomezana ny kopia faobe ho an'ireo izay nanao an'izany. Isaky ny roa taona moa no misy ny fitsarana mitety vohitra hanomezana kopia ho an'ireo izay tsy mbola manana izany eny amin'ny kaominina ambanivohitra Alasora.

**Heriniaina A.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail :
midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 182 - 07 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Salade ovy

**Ireo zavatra ilaina :** ovy, vinaigre de vin blanc, menaka oliva, sira sy poivre, menaka

**Fikarakarana azy :** tetehina boribory ny ovy. Rehefa vita izay dia andrahoina amin'ilay vinaigre de vin blanc mandritra ny 15 minitra. Arotsaka anaty vilia baolina na ireo karazambilia fasiana salady. Avela hangatsiaka kely aloha. Alohan'ny han-drosoana azy dia rara-hina menaka ovila araka izay itiavana azy. Asiana eraky ny sotromenaka tsotra ihany koa. Hafangaro tsara avy eo. Dia arosoy fa vita ny salady ovy.